# Ilay Voa Tsara Nafafy 07 Oktobra 2018

7 **Alahady**
oktobra

**Ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika. Iza moa no maharesy izao tontolo izao, afa-tsy izay mino fa Jesosy no Zanak'Andriamanitra ?**
1 Jaona 5. 4, 5

**... tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy, ... mba ho masina sady tsy misy tsiny izy.** Efesiana 5. 25, 27

## Ilay Fiangonana tsy mety resy

Indray andro, tao amina tanàn-dehibe sinoa iray, dia nasain'ny manampahefana nodorana ny Baiboly sy ny boky kristiana rehetra. Boky matevina anefa ny Baiboly, ka tsy avy hatrany dia may tanteraka. Koa afaka naka pejy iray tamina Baiboly nihalevona ny iray tamin'ny olona nijery teo.

Ka nandritra ny taona maro, dia tsy nanana afa-tsy io pejy tokana avy amin'ny Soratra Masina io ny fiangonana miafina ao amin'ilay tanàna. Tao amin'io pejy io ny teny hoe : „Ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako ; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsy hita tsy haharesy azy" (Matio 16. 18). Izany no navalin'ny Tompo an'i Petera avy nanambara fa Jesosy no Zanak'Ilay Andriamanitra velona. Azo iainana ny maha zavamisy izany fampanantenana izany, na dia masiaka toy inona aza ny fitondrana jadona tsy mitsahatra manenjika ny mpino.

Hatrany am-piandohana ny Fiangonana, dia ny fikambanan' ireo izay mino an'i Jesosy Kristy, no efa nanana fahavalo maro te handrava azy, nanomboka tamin'ireo emperora romana fahiny ka hatramin'ireo fitondrana mpanohitra kristiana ankehitriny. Mandalo ihany anefa ireo fanjakan'ny emperora, fa ny Fiangonana kosa mitoetra hatrany. Tsy maintsy miafina izy indraindray, miondrika noho ny vesatry ny fanenjehana. Mijaly koa izy noho ny fanarabiana, ary noho ny fitenenan-dratsy mihitsy aza, any amin'ireo firenena manankarena, anjakan'ny fahavetavetana sy avonavona. Nefa fantatry ny Fiangonana fa miaraka amin'Ilay Mpandresy izy, miaraka amin'i Kristy efa omem-boninahitra any an-danitra. Koa andrasan'ny Fiangonana am-pony fiverenan'ny Tompony. „Satria efa nitandrina ny teniko ny amin'ny faharetana ianao, Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin'ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin'izao tontolo izao, ho fizahan-toetra izay monina ambonin'ny tany... Tano mafy izay ananana, mba tsy hisy haka ny satroboninahitrao" (Apokalypsy 3. 10, 11).